Tsy misy valiny ve ny vavako ?

Tsy misy valiny ve ny vavako ?

" Maraina no hivavahako aminao ka hanandrandra aho " *Salamo 5. 3*

"Ny fanahiko koa dia mangovitra loatra; fa lanao, Jehovah ô, mandra - pahoviana ? "
Salamo 6. 3

J. Kœchlin

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

ISBN : 978-2-87907-386-6
Pas de réponse à ma prière
Couverture, illustration : Bernard Ruhland

« Sady hivavaka am-panahy no hivavaka antsaina koa aho ».
> 1 Korintiana 14. 15

Ratsy famaky ny Tenin'Andriamanitra isika, matetika, no sady mamaky izany amin'ny ampahany ihany, ka izany no manimba antsika. Izany indrindra no mitranga amin'ny famakiantsika an'ireo Tenin'Andriamanitra mikasika ny vavaka. Mety hitondra vokatra mampalahelo eo amin'ny fiainantsika ara-panahy ny tsy fahazoantsika tsara ny hevitr'ireo andininy mahakasika izany tontolon'ny vavaka izany, ao amin'ny Testamenta Vaovao. Hitondra fahakiviana ho antsika izany ; eny, mety hitarika antsika ho amin'ny tsy finoana mihitsy aza. Iza tamintsika moa no tsy nisedra izany fihetseham-po izany, taorian'ny fahatsapana fa toa tsy nisy valiny ny vavaka nasandratra ?

Tonga ny fahakiviana satria toa tsy novaliana isika, na nitalaho fatratra aza, tamin-javatra iray voafaritra mazava. Tonga ny tsy finoana, satria toa manampin-tsofina sy tsy mihazona ny teny nomeny Ilay Andriamanitra nanome fampanantenana ny amin'ny vavaka atao amin'ny finoana. Moa tsy mahatoky amin'ny teny nomeny ve Izy ?

Ilaina ny mamaky tsara ny teny mirakitra an'ireny fampanantenana ireny. Matetika mantsy no tsy tsikaritsika fa misy fepetra voatonona mazava tsara miaraka amin'izy ireny. Ny amin'ireny fepetra miara-dalana mandrakariva amin'ny vavaka ireny indrindra no hifantohantsika amin'ireto andininy hojerentsika miaraka eto ireto.

« Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako,
dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka.
Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany ».
> Jaona 14. 13, 14

Misy fepetra manaraka azy hatrany ireo fampanantenana averimberin'ny Tenin' Andriamanitra. Matetika anefa no tsy voamaritsika ireny fepetra ireny.

Moa tsapantsika mandrakariva ve fa ny vavaka ataontsika anie ka mandeha mihoatra lavitra an'izay toe-javatra misy eo amin'ny fiainantsika manokana, na ny an'ireo olona entintsika ambavaka ? Mahakasika ny Ray sy ny Zanaka mihitsy koa ny vavaka ataontsika. Mahakasika an'Ilay Andriamanitra izay miaro ny anaran-janany tsy hohararaotin'ny sasany.

Ny hoe mangataka amin'ny anaran'i Jesoa dia midika ho fahazoana antoka fa mitovy faniriana amin'Ilay Iray Izay tò teny amin'Andriamanitra mandrakariva isika.

« Dia hataoko izany », hoy ny Tompo Jesoa. Izany hoe tsy maintsy hahazo valiny hatrany hatrany ny herin'ny anarany – izay sandam-pifandraisana feno sy ampy, ary tsy mety lany, iravoravoany rahateo ao amin'ny Ray – satria tsy afaka ny handà na oviana na oviana ny Zanany malalany Andriamanitra.

Ity teny ity izany no entina mampahatsiahy antsika ny anjara toeran'ny Zanaka manoloana ny Ray, ary natao ho fampitandremana antsika tsy hampiasa fahatany ny anaran'ny Tompo Jesoa ho toy ny raikipohy fampiasa amin'ny zavatra rehetra.

« Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany ».
> Jaona 15. 7

« Tomoera amiko », hoy i Jesoa tamin'ireo mpianatra malalany.

Tamin'ny fandraisany ho ohatra ny foto-boaloboka sy ny sampany, izay tsy maintsy hiray amin'ny foto-boaloboka vao ho afa-mamoa, no nampahatsiahivan'i Jesoa ny tsy maintsy hiankinan-doha aminy koa. Tombony manokana nomena ho an'ny kristiana irery ihany io fiankinan-doha io, ary natao ho fanehoana izany indrindra ny vavaka. Amin'izany no ahatsapana ny fahalemen'ny tena mitaha amin'ny herin'ny Tompo, ny fahafohizan'ny fisainan'ny tena mitaha amin'ny fahendrena lalin'Andriamanitra, ny toerana misy ny tena mitaha amin'ny toerana misy an'Andriamanitra : Izy no Tompo manana ny fahefana rehetra amin'ireo mandohalika eo anatrehany.

« Raha mitoetra ao anatinareo ny teniko », hoy indray ny nanampin'ny Tompo – mifamatotra amin'iry voalohany ity fepetra ity.

Ny Teniny no manambara amintsika an'ireo tsiambaratelon'Andriamanitra. Izy no manome antsika fahendrena, amin'ny alalan'ny Fanahiny, hahatakarantsika ny sain'Andriamanitra. Tsy vitan'ny hoe mampahafantatra antsika an'ireo tsiambaratelon'Andriamanitra ihany anefa ny Tenin'Andriamanitra, fa hanoa azy mihitsy koa isika rehefa mitoetra ao aminy, ka tsy hanana faniriana hafa ankoatra ny azy.

« Angataho izay tianareo fa ho azonareo izany », hoy amin'izay ny Tompo Jesoa. Tsy ho hafa amin'izay tian'ny Tompo intsony mantsy, amin'izay fotoana izay, ny zavatra ho tiantsika.

« Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona ».
> Jaona 15. 16

Mifandray amin'ny fepetra hita eo amin'ny andininy faha-7 ny fepetran'ny fahazoana valim-bavaka voalaza eto. Tena ilaina mihitsy amin'ny fahafantarana ny fomba hoenti-manompo ny Tompo ny fiankinan-doha aminy sy ny famantarana ny sitrapony, amin'ny alalan'ny Teniny. Nasaina nandeha sy hamoa – hanao asa fanasoavana, ohatra – ireo mpianatra notsongaina tao anatin'ny maro. Notendren'ny Tompo izy ireo ary nirahiny. Iza moa no mpampiasa maniraka ny mpiasany, kanefa tsy manome azy akory izay hoenti-manana hahatontosany ny iraka ampanaovina azy? Hangataka fitaovana na vola ny mpiasa, amin'ny fotoana ilàny izany, ary tsy handà ny hanome azy izany ilay mpampiasa raha toa ka mitondra soa ho azy ihany koa io asa io.

Toy izany tsy misy hafa no mitranga eo amin'ny seha-panompoana kristiana. Manome izay ilain'ireo mpanompo irahiny ny Tompo. Ivereno

saintsainina ny amin'io zavatra ataonao io, raha toa hitanao ho tsy mamatsy anao amin'ny fanatontosona izany ny Tompo. Moa tsy midika ve izany fa zavatra tsy nibaikoany anao hataonao io zavatra ataonao io? Mifanohitra amin'izany kosa, amin'ny fomba ahoana moa no tsy hamatsiany ahy an'izay rehetra ilaiko, raha toa ka hitondra vokatra ho Azy io asa ataoko io, dia voa izay haharitra tokoa?

« Ry malala, raha tsy mba manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan'Andriamanitra isika ; ary na inona na inona angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika ».
> Jaona voalohany 3. 21, 22

Fepetra anankiroa mifehy teny fampanantenana anankiray no hitantsika eto.

Voalohany, ny fo tsy manameloka antsika – raha ambara amin'ny teny hafa dia hoe fananana fieritreretana madio. Izany no ilaina mba hahafahantsika mamelatra eo anatrehan' Andriamanitra ny fangatahantsika rehetra, na inona na inona. Ahoana moa no hasahiantsika manatona an'Andriamanitra, raha toa ka na isika aza mahatsapa fa misy zavatra mampisalasala ao amintsika ? Hitambesatra ao an-tsaintsika ny lavaka nohadin'ny fahadisoana tsy nifonantsika, ka hanakombona ny vavantsika.

Fepetra faharoa, ny fitandremana ny didiny sy ny fanaovana izay ankasitrahana eo imasony. Mainka mazava kokoa ity fepetra faharoa ity. Mahazo izay angatahiny amin-dray aman-dreniny ny zanaka manoa, dia ny zanaka mahita

sitraka eo imason'izy ireo amin'ny asa amampitondrantenany. Matoky mantsy ireo ray amandreniny fa hampiasa izay zavatra homeny azy amim-pahendrena, izany hoe amin'izay tokony hampiasana azy, ilay zanany.

Mifameno ireo fepetra roa ireo, na azo lazaina koa ho maneho endrika roa kanefa mibanjina zavatra iray ihany. Voalohany, ny fananana fieritreretana madio. Ny fiheverana ananantsika manoloana an'Andriamanitra no asehon'izany: manana antoka isika fa afaka ny hivavaka aminy. Ilay faharoa kosa maneho ny fiheveran' Andriamanitra: ankasitrahany ny hamaly ny fangatahantsika amin'ny fotoana ahefantsika zavatra ankasitrahana eo imasony. Ho azontsika aminy izay angatahintsika. Kanefa, tokony hanao ahoana moa ny ara-panahintsika vao afaka ny handray izany isika?

« Mangataha, dia homena ianareo ; mitadiava, dia hahita ianareo ; dondòny, dia hovohàna ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo ; ary izay mitady no mahita ; ary izay mandondòna no hovohàna. Ary iza moa aminareo, raha angatahin'ny zanany mofo, no hanome azy vato ? Ary raha angatahiny hazandrano, no hanome azy menarana ? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka fa ny Rainareo izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy ? »

> Matio 7. 7-11, jereo ihany koa ny Lioka 11. 9-13

Tsara ny Andriamanitsika ka « zavatra tsara » hatrany no andrandraintsika avy aminy. Tsy hanome vato ho an'izay zanaka mangataka mofo aminy Izy. Kanefa, raha sendra diso isika zanany ka mangataka vato aminy, moa hanome antsika izany vato izany ve Izy ? Mbola ny mofo ihany no homeny antsika, na tsy haintsika aza ny nangataka izany.

Misokatra amintsika ny fon'Andriamanitra, malalaka amintsika ny tanany. Aza manantena ny hahazo zavatra avy aminy, afa-tsy izay mifanaraka amin'ny toetrany ihany anefa !

Milaza amintsika anton-javatra roa mahatonga ny tsy fahazoantsika ny zavatra angatahintsika i Jakoba (toko 4. 2, 3). Voalohany, tsy mahazo isika satria tsy mangataka. Ny Tompo anefa mandrisika antsika hoe: mangataha, mitadiava, dondòny... Faharoa, tsy mahazo isika satria diso fangataka: izay tsy mahasoa antsika no angatahintsika, ny Tompo anefa te hanome ny soa mandrakariva ho antsika.

Manome fanazavana ho antsika i Jakoba: « Mangataka ianareo, hoy izy, nefa tsy mahazo ihany satria diso fangataka mba holanianareo amin'ny filànareo ». Izay zavatra tsara no angataho amin'Andriamanitra, dia izay mahasoa ny fanahintsika, izay hampandroso ny fiainam-panahin'ny fianakaviantsika, izay hampandroso ny fiangonana. Amin'izany ihany vao ho voaporofontsika ny fahamarinan'ny fampanantenana nataon'ny Tompo manao hoe: « Izay rehetra mangataka no mahazo ».

« Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo ».
> Matio 21. 22

Ny finoana kosa indray no fepetra takina eto. Mifandray amin'ny andininy mialoha azy sy amin'ny fahagagana natao tamin'ilay hazo aviavy, izay hitantsika amin'ireo andininy eo aloha ihany koa, izy ity.

Mila mazava tsara amintsika mandrakariva ny atao hoe finoana. Mandray azy ity ho hetsika miseho ho azy amin'ny fitondrantena atosiky ny hery mahazo laka ao anaty, na faharesen-dahatra anaty, ny sasany. Any amin'ny toerana sasany, ohatra, dia ambara amin'ny marary na amin'ny malemy ny hoe : ny vavaka atao amin'ny finoana no hahasitrana anao, ny finoanao no tsy ampy matoa ianao tsy sitrana ! Dia indro fa latsaka anaty fahakiviana ireo olona efa ory eo ampandrenesana izany. Mamporisika azy handinitena mantsy izany, hanao jery todika ny amin'ny lanjan'ny fahatokiany an'Andriamanitra mba hahitany izay hampitomboana ny finoany, izay toa zavatra hafahafa ihany ! Tsy homen' Andriamanitra na oviana na oviana ny olombelona ny voninahiny. Izany anefa no

mitranga raha toa ny famaliany vavaka ka miankina fotsiny ihany amin'ny lanjan'ny vavaka ataontsika, na ny isany, na izay fepetra ampiarahana aminy (fifadian-kanina, rojom-bavaka, alim-bavaka,...), dia izay rehetra katsahin'ny fontsika feno hafetsena hahazoana fahamendrehana ka hoe hanafainganana ny fandraisana valim-bavaka.

Tsy fahazoana antoka sy fandresen-dahatra anaty fotsiny ihany ny finoana. Fahazoana antoka ny zavatra *antenaina* izy, ary fandresen-dahatra ny amin'ny zavatra tsy mbola hita (Hebreo 11. 1). Tsy zavatra mandeha tsy voizina akory ny finoana. Misy hery mihazona azy ao, ary hery avy eny ivelany. Azo avy amin'izay zavatra re, izany hoe ny toriteny, ny finoana ; ary ny toriteny kosa avy amin'ny Tenin'Andriamanitra (Romana 10. 17). Tsy afaka ny hanandratra tonom-bavaka izay heveriko fa tokony hahazoako valiny avy amin'Andriamanitra aho, raha tsy efa naharay fampanantenana mazava tsara avy aminy.

« Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany. Ary raha mitsangana mivavaka ianareo ; ka misy olona anananareo alahelo, dia mamela ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any andanitra kosa ny helokareo ».

> Marka 11. 24, 25

Mifandraika amin'ilay andininy notsoahina tao amin'ny filazantsara nosoratan'i Matio teo aloha ity andininy eto ity. Saingy manampy fepetra anankiray izay mampihantona ny vavaka ataontsika i Marka : mitranga izany rehefa miziriziry tsy hamela ny helok'izay nanao fahadisoana tamintsika isika. Mariho tsara fa tsy misy fanavahana izany : na amin'iza na amin'iza, ary na amin'inona na amin'inona. Mariho koa, ankoatra izany, fa mainka voamarina ny fananan'ny olona an'ilay toe-po ela vao manadino ny ratsy nataon'ny hafa, omban'ny fitia te hamaly faty. Isika no sokajiana ho maratra, raha toa ka isika no nanaovana fahadisoana ka mila mamela. Tena mihatra amintsika ihany koa ity fepetra ity raha toa ka isika no nanao fahadisoana, ka mila manatona.

Mitaona antsika hamitram-pihavanana hatrany amin'ny namantsika Andriamanitra, izay mety ho ny vadintsika, ohatra, mialoha ny hihainoany antsika.

« Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino ».
> Marka 9. 23

Marina fa tsy misy resaka vavaka ato amin'ity valinteny nomen'ny Tompo an'ilay raim-pianakaviana feno tebiteby ity. Azontsika ampifandraisina amin'ireo andininy voatanisa eo ambony kosa anefa izy ity (Marka 9. 6). Manome toky antsika ity teny ity fa afaka ny hiandrandra zavatra lehibe avy amin'ilay Andriamanitsika, izay Andriamanitra lehibe, isika. Aminy no tokony hitodihantsika. Tsy hisy amin'ireo zavatra borahintsika aminy hihoatra ny fahefàny ka hoe tsy ho efany.

Hitantsika ny fanantenana mahavelom-bolo misokatra manoloana ny finoana, rehefa ampifandraisintsika amin'ny fanambaràna atao eo amin'ny toko manaraka, ny toko 10. 27, ity teny hoe : « ny zavatra rehetra dia hain'ny mino » ity. Vitan'ny finoana an'Andriamanitra avokoa izay rehetra vitan'Andriamanitra !

Koa, ao anatin'ireo zavatra tsy hay tanterahina, nefa tanterak'ilay antsoina hoe « Andriamanitra mahay ny zava-drehetra », moa ny zavatra hitantsika ho mora tanterahina kokoa ve no fidintsika

hotanterahiny? Tsy mba finoana izany fa mariky ny tsy fisian'ny finoana.

« Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany : Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy ; ary raha fantantsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona angatahintsika, dia fantantsika fa azontsika izay angatahintsika aminy ».
> Jaona voalohany 5. 14-15

Mampahatsiahy antsika io andininy io, voalohany indrindra, hoe iza no inoantsika (2 Timoty 1. 12).

Vao hitantsika teo fa mifototra amin'ny fampanantenana nomena ny finoantsika. Ny lanjan'ny fampanantenana kosa mifototra amin'izay nanome ny fampanantenana. Miresaka ny amin'ny « fampanantenana sady soa no lehibe indrindra » i Petera. Ilay Andriamanitra lehibe no nanome azy io, ary i Kristy Ilay soa sy sarobidy ao am-pon'Adriamanitra, sy ao am-pon'ny mpino, no miantoka azy (2 Petera 1. 4).

Ilay sitrapon'Andriamanitra, izay tsara sady ankasitrahana no marina, no mamboatra ny hevitra amam-pisainantsika. Izany no mitarika antsika hangataka amim-pahendrena, izany hoe araka izay tian'Andriamanitra hohenoina.

Misy fotoana fohifohy manelanelana ny and. 14 sy ny and. 15. Fotoana natao hampiharana ny faharetana amin'ny finoana io. Izany faharetana izany no mainka mahatonga ny valim-bavaka ho amin'ny fotoany indrindra.

Miseho amin'ny endrika ankehitriny avokoa ireo matoanteny. Izany no entina manambara fa azontsika sahady ny zavatra angatahintsika vantany vao voatonona fotsiny izy ireny.

« Ary lazaiko aminareo koa : Raha misy aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany ; fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho ».
> Matio 18. 19, 20

Eto indray no ahitantsika fampanantenana anankiroa mifamatotra, amin'ny alalan'ny mpampiankina « fa » mampifandray azy. Moa ampy hahatò tokoa ny zavatra iray angatahiny ve, raha kristiana roa monja no nifanaiky hangataka izany ? Mety ho hataka noho ny fahadisoana be nataony, angamba !

Tsia, mifaningotra akaiky amin'ilay filazana ny fanatrehan'ny Tompo, izay nampanantenainy ho an'ireo mivory amin'ny anarany, ity fampanantenana ity. Izany hoe fiaikena feno ny fahefàny tsy hay tohaina. Midika izany fa tsy maintsy hahazo ny fankatoavany avokoa aloha ireo fangatahana rehetra natao.

Ahoana moa no hahasahiantsika manonona tonom-bavaka tsy voalanjalanja raha fantatsika fa manatrika antsika eo ny Tompo ?

Ny anaran'i Jesoa no mampivory an'ireo olony, ary mbola izany anarana izany ihany koa no manokatra ny fon'Andriamanitra ho amintsika. Zava-droa loha tsy afa-misaraka ireo.

Mety ho feno hakiviana, angamba, isika rehefa avy namaky an'ireo rehetra nambara teto ireo, ka hanao hoe : Tsy ho afa-hivavaka firy intsony aho, raha be loatra toy izany ny fepetra takina vao hahazo valim-bavaka avy amin'ny Tompo ! Tsy ho fantatro mandrakariva mihitsy izay sitrapon'ny Tompo... Mahalana aho vao mba mahita fampanantenana iray mafy orina ao anatiko ka hanorenako ny finoako... Tsy mba miasa amina sehatra mitaky ny tsy maintsy hamatsiana fitaovana ahy aho ka hoe hangataka izany amin'ny Raiko an-danitra... Koa inona moa no antony anasana ahy hivavaka tsy hitsahatra (1Tesaloniana 5. 17), « mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana... » (Efesiana 6. 18) ?

Aoka aloha tsy hohadinointsika, ary aoka isika hiaiky, fa Andriamanitra manjaka sy masimandidy ny Andriamanitsika. Tsy ho voafehin'ny lojikan'olombelona na oviana na oviana ny fahasoavany. Asehony antsika, ary ataony mazava, ao amin'ny Testamenta Vaovao

ny sasantsasany amin'ireo fomba fiasany rehefa manao zavatra Izy. Finaritra koa anefa Izy, indraindray, ny hiasa amin'ny fombany manokana mba hampitolagaga antsika.

Hovaliany ireo vavaka asandratsika, na tsy lavorary aza isika. Hahazo valiny hatrany isika. Ity andininy hotsongaina manaraka, sady farany, eto ity no hanaporofo izany amintsika. Manainga sy mampahery antsika hivavaka ity andininy ity, na inona na inona antony hanaovantsika izany, na rahoviana na rahoviana, ary na manao ahoana na manao ahoana ny fepetra.

« Fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ; Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesoa ».
> Filipiana 4. 6, 7

Amin'ny zavatra rehetra : tsy misy fetra izany, na eo amin'ny isa na eo amin'ny endrika isehoany. Tsy misy fepetra. Tsy misy ny hoe diso tafahoatra na ny hoe kely loatra.

Mibaby enta-mavesatra sy be fanahiana isika. Sady tsy hitantsika izay vahaolan'izy ireny, no tsy haintsika rahateo izay hevitr'Andriamanitra mikasika azy. Ireny indrindra no ndeha hoentintsika amin'ny Tompo.

Fantatsika anefa fa tsy nampanantenaina mihitsy isika fa hahazo valiny mifanaraka avy hatrany amin'izay angatahintsika. Hanokatra ny varavarana ho amin'ireo karazam-bavaka tsy voahevitra mantsy raha hoe homena antsika avokoa izay angatahintsika, dia hataka tsy ho azon'Andriamanitra omena fahafaham-po na oviana na oviana ! Tsy milaza koa anefa izany hoe

azontsika ireo zavatra angatahintsika, na tsy fantatsika akory aza izay sitrapon'Andriamanitra ny amin'izy ireny. Azo antoka kosa anefa fa mahazo valiny hatrany hatrany ny vavaka ataontsika. Fampanantenana sarobidy tokoa izany!

Ny fiadanan'Andriamanitra no hameno ny fon'ny mpino. Nisy fifanakalozana vita, izay ahazoako tombony betsaka: nomeko Azy ny entako ary nomeny ahy ny fiadanany. Io fiadanany io no mameno ny foko ankehitriny. Azy ny sisa rehetra. Izay ataony amin'ireo enta-mavesatra efa nankiniko taminy, Azy izany.

* * *

Asasoratra hafa mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'izay hitanao tato:

– *Mivavaka...* S. Fayard
– *Ny vavaka,* G. André
– *Ahoana no famalian'Andriamanitra ny vavaka asandratsika,* H. Rossier
– *Ireo karazam-bavaka,* P. Combe

TSY MISY VALINY VE NY VAVAKO?

Amboaram-boky 10x15
ahitanao fanazavana tsotra
avy amin'ny Baiboly

Nahoana no navoaka
izao amboaram-boky 10x15 izao?

Natonta tamin'ny taratasy manify ireo boky, ary natao mitovy habe amin'ny valopy. Natao indrindra ho fampitomboana an'ireo mpamaky liana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ireo bokikely rehetra ho hitanao ato amin'ity amboaram-boky ity. Amidy amin'ny vidiny mirary tokoa izy ireny, ary mamaly an'ireo fanontaniana fametraky ny olona matetika, araka ny amalian'ny Tenin' Andriamanitra azy.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70737